Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA 18 FEBROARY 2021

NY BOKIN'I ESTERA

Lohahevitra anio : Plaidoyer d'Esther et edit en faveur des Juifs

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina

Salamo 24. 1-6

'An'NY TOMPO ny tany sy izay rehetra eo aminy, izao tontolo izao sy ny mponina eo aminy. Fa Izy no manorina azy eo ambonin'ny ranomasina, eo ambonin'ny renirano no ampitoerany azy. Iza no hiakatra any amin'ny tendrombohitry NY TOMPO? Ary iza no hijoro ao amin'ny Kitoerany masina? Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin'ny lainga na mianiana hamitaka. Handray Kitahiana avy amin'NY TOMPO izy ary hahazo fahamarinana avy amin'Andriamanitry ny famonjena azy. Izany no taranaka mitady Azy, izay mitady ny tavanao, dia i Jakoba! Amena

- **Hira** FFPM 36 – Moa ho haiko tantaraina ny hasoavanao ? (1,2)

Vavaka

Fampidirana

- **Hira** FFPM 301 – He, sahanao, Mpamonjy ô! (1)

Vakiteny 1 - Estera 7.1-6

1Ary nankao amin'i Estera, vadin'ny mpanjaka, ho ao amin'ny fanasana, ny mpanjaka sy i Hamana. 2Hoy indray ny mpanjaka tamin'i Estera teo am-pisotroan-divay tamin'ny andro faharoa: Inona no angatahinao, ry Estera, vadin'ny mpanjaka? Fa homena anao izany. Ary inona angaha no tadiavinao? Fa na dia hatramin'ny antsasaky ny fanjakana aza dia hotovina izany. 3Dia namaly i Estera, vadin'ny mpanjaka hoe: Raha mahita Kitia eto imasonao ary aho, ry mpanjaka, ka sitraky ny mpanjaka, dia aoka homena ahy ny aiko araka ny Kifonako ary koa ny Kireneko araka ny fangatahako! 4Fa namidy izahay, dia izaho sy ny Kireneko, mba haringana sy hovonoina ary haripaka. Fa raha toa ka namidy ho andevolahy sy ho andevovavy izahay dia ho nangina ihany aho; kanefa ange tsy mahonitra ny fatiantoky ny mpanjaka akory ilay fahavalo e.
5Dia nanontany an'i Estera, vadin'ny mpanjaka, i Ahasoerosy mpanjaka hoe: Iza moa izany, ary aiza izany olona asesiky ny fony hahevitra an'izany? 6Fa hoy i Estera: Io Hamana ratsy fanahy io no raKilahy sy fahavalo! Dia raiki-tahotra teo anatrehan'ny mpanjaka sy ny

vadin’ny mpanjaka i Hamana.

- **Hira** FFPM 301 – He, sahanao, Mpamonjy ô! (2)

Vavaka any amin’izay misy antsika

- Fiderana an’Andriamanitra fa tsara Izy sady Mahatoky
- Ho an’ireo kristiana manana andraikitra amin’ny sehatra politika.

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 2 - Estera 7.7-10

7Ary tezitra mafy ny mpanjaka ka nitsangana niala teo am-pisotroan-divay ho anyamin’ny zaridainan’ny mpanjaka. Fa nitsangana kosa i Hamana hangataka ny ainy tamin’i Estera, vadin’ny mpanjaka, satria hitany fa misy loza hataon’ny mpanjaka aminy. 8Ary niverina avy tao amin’ny zaridainan’ny mpanjaka ho ao amin’ilay eKitrano izay nisotroany divay teo ny mpanjaka ary tamin’izay i Hamana dia niampatra tamin’ny farafara nandriandrian’i Estera. Dia hoy ny mpanjaka: Moa hisavika ny vadin’ny mpanjaka eto anatrehako ato an-trano koa va ilay io? Raha vantany vao naloaky ny vavan’ny mpanjaka izany teny izany dia nisy nanarona ny tavan’i Hamana. 9Ary i Harbona, iray tamin’ireo ionòka* izay teo anatrehan’ny mpanjaka dia nilaza hoe: Indro, mijoro eo akaikin’ny tranon’i Hamana rahateo ny hazo; io ilay hazo natsangany mba hanantonany an’i Mordekay, ilay niteny soa ho an’ny mpanjaka; dimampolo hakiho* ny haavony. Dia hoy ny mpanjaka: Ahantòny amin’io izy. 10Ary nahantony tamin’ilay hazo efa natsangany mba hanantonana an’i Mordekay i Hamana. Dia izay vao nionona ny fahatezeran’ny mpanjaka.

- **Hira** FFPM 301 – He, sahanao, Mpamonjy ô! (3)

Vavaka any amin’izay misy antsika

- Fifonana ho an’ny mpitondra fanjakana manaiky hiasan’ny fanahi’i Hamana
- Fiantsoana ny Kitsaran’Andriamanitra amin’ny raharaham-pirenena

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 3 - Estera 8.1-8

1Tamin’izany andro izany dia nomen’i Ahasoerosy mpanjaka ho an’i Estera, vadin’ny mpanjaka, ny tranon’i Hamana, fahavalon’ny Jiosy. Ary nankeo anatrehan’ny mpanjaka i Mordekay satria efa voalazan’i Estera ny Kihavanany taminy. 2Ary nesorin’ny mpanjaka ny peratra Kitombo-kaseny izay nalainy tamin’i Hamana ka nomeny an’i Mordekay. Ary notendren’i Estera i Mordekay hanapaka ny tranon’i Hamana.

3Dia niteny teo anatrehan’ny mpanjaka indray i Estera sady niankohoka tamin’ny tongony ka nitomany sy nifona taminy mba hahafoana ny ratsy nataon’i Hamana agagita sy ny hevitra nataony hamelezana ny Jiosy. 4Ary nanondro an’i Estera tamin’ny tehina volamena ny mpanjaka. Dia nitsangana i Estera ka nijoro teo anatrehan’ny mpanjaka 5ary niteny hoe: Raha sitraky ny mpanjaka, ary mahita Kitia eto imasony aho, sady ataon’ny mpanjaka ho mety izany, ka mahita sitraka eto imasony aho, dia aoka hisy soratra hanova ireny taratasy voahevitr’i Hamana, zanak’i Hamedota agagita, ireny, izay nosoratany mba handringanana ny Jiosy any amin’ny fari-piadidiana rehetra manerana ny fanjakan’ny mpanjaka. 6Fa hataoko ahoana no Kijery ny loza hanjo ny Kireneko? Ary hataoko ahoana no Kijery ny

fandringanana ny Kianakaviako?
7Dia hoy i Ahasoerosy mpanjaka tamin'i Estera, vadin'ny mpanjaka, sy tamin'i Mordekay jiosy: Indro ny tranon'i Hamana dia efa nomeko an'i Estera; izy dia efa nahantona tamin'ny hazo satria nanatsotra ny tanany hamely ny Jiosy. 8Ary manorata amin'ny anaran'ny mpanjaka araka izay sitrakareo kosa ianareo hamonjena ny Jiosy koa tombohy amin'ny peratra Kitombo-kasen'ny mpanjaka izany. Fa tsy misy mahavadika ny soratra izay voasoratra tamin'ny anaran'ny mpanjaka sy voatomboka tamin'ny peratra Kitombo-kasen'ny mpanjaka.

- **Hira** FFPM 301 – He, sahanao, Mpamonjy ô! (4,5)

Vavaka any amin'izay misy antsika

- Ho an'ny mpino hiaran'ny tsindry azo lena na atao an-kilabao
- Momba ny volavolan-dalana ao amin'ny antenimieram-pirenena mahakasika ny Kiangonana

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 4 - Estera 8.11 -17
11Ny Jiosy izay tany amin'ny tanàna tsirairay dia navelan'ny mpanjaka hivory hiaro ny ainy ary handringana sy hamono ka handripaka ny herim-bahoaka rehetra sy ny fari- piadidiany rehetra izay te hiady aminy mbamin'ny vady aman-janak'ireny ary handroba ny fananany 12amin'ny andro iray ihany any amin'ny fari-piadidiana rehetra manerana ny fanjakan'i Ahasoerosy mpanjaka, dia amin'ny andro fahatelo amby folo amin'ny volana faharoa amby folo na ny volana Adara. 13Ny dika mitovy amin'ny teny natao didy ho amin'ny fari-piadidiana tsirairay manerana ny fanjakana dia novakina tamin'ny olona rehetra mba hampiomana ny Jiosy ho amin'izany andro izany, izay hamaliany ny fahavalony. 14Dia lasa ny iraka haingam-pandeha izay nitaingina soavaly haingam- pandeha sy ampondra, nohafainganina sy nododonan'ny tenin'ny mpanjaka izy ireo. Ary novakina tany Sosana, tanàna mimanda, koa ny didy.
15Tamin'ny nialan'i Mordekay teo anatrehan'ny mpanjaka dia nanao akanjo Kiandrianana manga sy fotsy izy sady nisatroka satroboninahitra volamena lehibe ary niakanjo akanjo lava rongony fotsy madinika sy volomparasy; dia faly sy ravo ny tanàna Sosana. 16Teo amin'ny Jiosy dia fahazavana, haravoravoana, Kifaliana ary voninahitra. 17Ary teo amin'ny fari-piadidiana tsirairay manerana ny fanjakana sy teny amin'ny tanàna tsirairay izay nahatongavan'ny didin'ny mpanjaka sy ny teniny dia nahazo hafaliana sy haravoravoana ny Jiosy sady nanao fanasana sy andro Kifaliana. Ary maro ny olona tompon-tany no nitonon-tena ho Jiosy satria nahazo azy ny fahatahorana ny Jiosy.

- **Hira** FFPM 18 – Ny feonay rehetra izao (2,3)

Vavaka any amin'izay misy antsika

- Ho an'ny Kiainam-pirenena amin'ny ankapobeny.
- Vavaka malalaka

Vavaky ny mpitandrina + Vavaka nampianarin'ny Tompo

Hafatra

raha ny oloko izay nantsoina amin’ny anarako no ho avy hanetry tena ka hivavaka syhitady ny tavako ary hiala amin’ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny. - 2Tantara 7:14

- **Hira** FFPM 18 – Ny feonay rehetra izao (4,5)

Tsodrano

Hitahy anao anie NY TOMPO ka hiaro anao; hampamirapiratra ny tavany aminao anie NY TOMPO ka hamindra fo aminao; hanandratra ny tavany aminao anie NY TOMPO kahanome anao Kiadanana. - Nomery 6:24-26

Amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina . Amena